# Ilay Voa Tsara Nafafy 06 Aogositra 2018

# 6 Alatsinainy aogositra

***(Hoy Jesosy :)*** **Didy vaovao no omeko anareo, dia ny mba hifankatiavanareo ; eny, aoka ho tahaka ny nitiavako anareo no mba hifankatiavanareo kosa. Izany no hahafantaran'ny olona rehetra fa mpianatro ianareo, raha mifankatia.** Jaona 13. 34-35

## Kihon-dalana teo amin'ny fiainako (1)

„Teraka tany Israely tamin'ny taona 1964 aho. Fony 14 taona aho dia nisy tovovavy telo tonga niasa an-tsitrapo tao amin'ny kibboutz nonenako. (Ny kibboutz dia tanàna kely ambanivohitra, any Israely, tantanana koperativa-na mpamboly.) Nino an'i Jesosy izy ireo, ka niezaka aho handresy lahatra azy ireo fa diso ny finoany. Nanaitra mafy ahy anefa ny toetran'ny fiainany. Nahafaly mandrakariva ny miaraka amin'izy ireo. Mbola tsy nahita fitiavana sy firaisam-po toy ny teo amin'izy telo mirahavavy ireo aho. Tsy nitandro hasasarana izy ireo nikarakara ny marary sy ny beantitra.

Nanontany ahy izy ireo indray andro, hoe : „Shira a, manana tanjona ve ianao eo amin'ny fiainana ?" Nampieritreritra ahy izany... Niha resy lahatra tsikelikely aho fa misy Andriamanitra, ka namaky ny Testamenta Vaovao. Hitako tao fa Jesosy dia tena nahatanteraka ireo faminaniana rehetra nambaran'ny Testamenta Taloha momba ny Mesia. Nampihorohoro ahy izany fehinkevitra izany : fantatro fa raha mametraka ny finoako amin'i Jesosy aho, dia tsy ho afaka miverin-dalana intsony, fa ho mandrakizay izany.

Indray andro dia nitsidika an'i Elly aho. Tezitra tamin'Andriamanitra aho : tsy misy izany Andriamanitra izany ; na, raha misy Izy, nahoana no avelany hisy fijaliana maro toy izao eto amin'ity tontolo izao ? Hoy Elly tamiko : „Shira a, fantatrao fa eo Andriamanitra ary tia anao. Koa mitonia ianao, ary miresaha aminy, alohan'ny hatorianao".

Tampoka teo, tao an'efitranoko, dia hitako toy ny tao anaty fitaratra ny tenako, araka ny tena toetrako : ratsy aho, nefa dia tian'Andriamanitra manokana. Nivavaka aho hoe : „Andriamanitra ô, raha eo Ianao, ary fantatro fa eo Ianao, ary raha Jesosy no Ilay Mesia, ary fantatro fa Izy no Ilay Izy..." Tsy vitako hatramin'ny farany ny teniko, fa raiki-tory aho ! Kihon-dalana teo amin'ny fiainako io vavaka io. Navelako Andriamanitra hanomboka hiasa tato anatiko sy hanova ahy."

*araka an'i Shira*